

GAZETY
# Tantely
"Ary ny toho-tantely ho mamy eo am-bavanao" (Ohab. 24:13)

Laharana faha-82 / 21 April 2019/ 1.000Ar

www.fjkmambohitantely.org

GAZETY AVOAKAN'NY F.J.K.M. AMBOHITANTELY

# "FA VOAVONO KRISTY, PASKA HO ANTSIKA"



**"Miantso an'i Jehovah izay mendrika hoderaina aho, ka dia vonjena ho afaka amin'ny fahavaloko."**
**Salamo 18:3**

Sabatry ny Fanahy ›2
ilo mby an-doha ›3
VAHINY ›4
Alahadin'ny Mpitandrina ›4

Voan-tsampana ›5
Ireo Birao vaovao
Tenin'ny tanora ›6
isika samy isika ›7

SAMIHAFA ›8

***SALAMO 18, 1-6***

Vetsovetso miloatra avy ao anaty, maneho ny finoana an'Andriamanitra ny tononkira ao amin'ny Salamo. Valin-teny vokatry ny fanambaran'Andriamanitra ny tenany tamin'ireo vahoakany no raketiny. Ao amin'izany no hahalalana ny fijerin'izy ireo ny momba an'Andriamanitra sy ny fomba fifandraisan'izy ireo Taminy. Hita avy amin'izao Salamo izao fa :

## *Mamboraka fitiavana amin'i Jehovah ny olona matoky Azy*

Raha vao miandoha ity Salamo ity dia tenim-pitiavana no mipololoitra avy eo am-bavan'ity mpanompon'Andriamanitra ity: "Mamiko indrindra Ianao". Ny hoe "mamiko" eto dia midika koa hoe "tiako Ianao". Milaza indrindra ny fihetseham-pony manontolo izany, manoloana ny maha-izy Azy an'i Jehovah izay antsoiny hoe "heriko, harambatoko, batery fiarovana, vatolampy ialofana, ampinga, tandroka famonjena, fiarovana".
Ireo famariparitana rehetra ireo dia entina milaza avokoa ny maha-Andriamanitra azo atokisana an'i Jehovah. Tsy mamela ho irery ny olony Izy fa manome hery sy miaro amin'ny fotoana rehetra, indrindra fa amin'ny fotoana sarotra indrindra. Izany no mampiteny fitiavana ity mpanompony ity. Maneho fanoloran-tena ny hanana fifandraisana Aminy mandrakariva izany teny ataon'ny mpanao Salamo izany. Ny fanontaniana dia hoe: "Manoloana ny maha-izy Azy an'Andriamanitra, moa ve tena mipololoitra marina avy ao am-pontsika ny teny hoe: "Tiako ianao Andriamanitro o" ? Moa ve tena mamboraka fitiavana Aminy isika sa dia lasa zary fahazarana fotsiny ihany ny hira sy vavaka ataontsika Aminy?

Tsy miova Izy Andriamanitra fa mbola fiarovana, hery ho an'izay rehetra tia Azy Izy. Izay efa nataony hatrizay tamin'ireo mpanompony fahiny dia mbola tanterahiny mandraka ankehitriny. Koa izany maha-izy Azy an'Andriamanitra izany indrindra no fototry ny fanoloran-tenantsika Kristiana.

## *Mivelona amin'ny Famonjen'i Jehovah ny olona matoky Azy*

Manomboka eo amin'ny and-3 dia maneho ny Asa famonjen'Andriamanitra tanteraka taminy kanefa mbola mitohy ny mpanao Salamo. Hoy indrindra izy: "Miantso an'i Jehovah izay miendrika hoderaina aho ka dia vonjena ho afaka amin'ny fahavaloko aho". Tahaka ny olona nafahana sy natsangana avy ao amin'ny fahafatesana no entiny hamaritana izany famonjen'Andriamanitra azy tamin'ny tànan'ny fahavalony izany (and-4-5). Velona izy satria novelomin'i Jehovah. Ny hery sy ny fiarovan'i Jehovah izay nasehon'ny mpanao Salamo amin'ny alalan'ireo sarisary teo aloha (harambato, vatolampy, ampinga...) no namonjy ny mpanompony ho afaka amin'ny zava-nanjo azy. Mivelona amin'izany famonjen'Andriamanitra izany ireo olona matoky Azy.

Tsy misy fanehoan-kery lehibe indrindra nasehon'Andriamanitra ho antsika anefa afa-tsy ny nitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny maty. Tsarovy tsara mandrakariva fa io no fototry ny Finoana Kristiana. Andriamanitra maneho ny heriny mahagaga no asehon'ny Fitsanganan'i Jesoa Kristy ka manafaka antsika amin'ireo endrim-pahafatesana maro isan-karazany eo amin'ny fiainantsika. Asa efa tanteraka izany fa tsy mbola vao ho avy. Efa tanteraka tao Aminy ny Famonjena ka ny mivelona izany no hany ataontsika.

**FEHINY**

Ny fahavalontsika ankehitriny dia ilay Satana te hamotraka sy te hangeja antsika amin'ireo endri-pahafatesana maro toy ny fahadisoam-panantenana, fahakiviana,... Efa resin'i Jesoa Kristy izany ka tian'Andriamanitra hivelomantsika io famonjena io. Tsarovy fa ny Anaran'i Jesoa dia midika hoe "Jehovah Mpamonjy". Kristy Izay Velona ka mitoetra ao anatintsika noho izany no hahafahantsika mivelona amin'ny Famonjen'Andriamanitra. Izany indrindra no angatahantsika ny Fanahy Masina izay antsoina koa hoe "Fanahin'ny fitsanganana amin'ny maty" (Rom 8, 11) mba hampitoetra ao anatintsika ny fatokiana Azy.

**Ando Fanomezana, Mpitandrina**

## NY FIADANAM-PO AZO AVY AMIN'NY TENIN'ANDRIAMANITRA

Katsahintsika mandrakariva ny hanana fiadanana eo amin'ny fiainantsika. Vokatr'izany dia maro ny ezaka ataon'ny tsirairay hanana izany, ary samy manana ny fiheverana izany ny olombelona tsirairay. Fa amin'ny maha Kristiana antsika dia efa nomen'i Jesoa Kristy ny fiadanana isika. Aiza àry no hananana izany fiadanana izany ? Ao amin'i ***Jesoa Kristy, Ilay Teny tonga nofo, Ilay Tenin'Andriamanitra velona***. Rehefa ao anatitsika Izy dia manana Fiadanana isika.

Ahoana no fiasan'io Tenin'Andriamanitra io ao anatitsika ?

Rehefa torina amintsika ny Tenin'Andriamanitra, rehefa mihaino **TSARA** izany isika dia tahaka izao no tokony ho tsapan'ny tsirairay :

-Miantefa sy mitodika mivantana amiko manokana Andriamanitra

-Mitoetra ato amiko ny Teniny

-Mamolavola ahy

-Mampiorina ny finoako sy mampandroso ahy ho amin'ny asa tsara rehetra

-Mamelona ahy ary manala ny hanoanana sy ny hetaheta ao anatiko

-Manome hafaliana ho ahy

-Manome fahazavana ahy amin'ny lafiny rehetra

-Manasitrana ahy satria tonga any amin'ny fo Ilay Teny, izany hoe tafalatsaka anaty ka mampionona ahy dia ahazoako Fiadanana

-Mampivelatra ahy amin'ny fifandraisana amin'ny hafa

-Mitarika ahy ho amin'ny fiaingana vaovao eo amin'ny fiainako

-Mampianatra ahy hitia, hamela heloka, hanampy, hizara

-Mampitodika ahy hiverina amin'Andriamanitra

-Mamelona indray ny Fanantenako

-Manazava ny finoako

-Manamafy sy mampitombo ary mampiredareda ny fitiavako an'Andriamanitra

Ireo no fiasan'ny Tenin'Andriamanitra ao anatintsika rehefa mihaino Azy isika. Vokany, manana fiadanana isika indrindra fiadanam-po. Ny hataotsika dia ny mangataka ny Fanahy Masina sy ny fanoloran-tenatsika vonona hitahiry izany ao anatitsika ka hanjary ho tonga fiainantsika izany ka hananatsika ny fitondran-tena mendrika ny tena Kristiana marina.

Koa aoka ny Tenin'i Kristy hitoetra betsaka ao aminareo amin'ny fahendrena rehetra (kol 3,16a)

Ho an'Andriamanitra Irery ihany ny voninahitra. Amen

**RAMAMINEKENA Malala Nasolonirina, Mpitandrina**

***« Tsy ianareo no nifidy Ahy fa Izaho no nifidy anareo ka nanendry anareo mba handeha sy hamoa, ary mba haharetan'ny vokatrareo, mba homen'ny Ray anareo izay rehetra hangatahinareo amin'ny anarako na inona na inona ». Jaona 15 :16***

Taom-panavaozana ity taona ity ka izany Teny izany no Teny entina hiarahabana ireo Sampana efa nahavita ny fanavaozana ny Biraony indray. Misy anaky valo ireo Sampana efa nahavita ny fifidianana ka toy izao manaraka izao ny anaran'ireo Birao isan-tsokajiny, Andriamatoa sy Ramatoa isany:

### Sampana Zanaky Fikambanan'ny Raiamandreny Kristiana

**FILOHA** : RAZAFIMIARANA Soanantenaina
**FILOHA MPANAMPY** : RAJAONARY Ny Andraina Tsilavina
**MPITANTSORATRA** : RANDRIAMASY Matio Finaritra
**MPITAHIRY VOLA** : RAKOTOVAO Ny Hasina
**MPITANTSORATRY NY VOLA** : RAVALITERA Haitso
**MPANOLOTSAINA** : RANAIVOSOA Lanto Sylvia, RAZANAJATOVONIRINA JOSE DYLANNE, RAKOTOARIVONY Rado Fitiavana

### Sampana DORKASY

**FILOHA** : RAMANANDALANA Nivo
**FILOHA MPANAMPY** : RAKOTOVAO Lalao
**MPITANTSORATRA** : ANDRIAMAHEFA Fara
**MPITAHIRY VOLA** : ANDRIAMISEZA Iharinoro
**MPITANTSORATRY NY VOLA** : RAZAFIARIMANANA Germaine
**MPANOLOTSAINA** : RATAFIKA Annie, RAJOARIVONY Francine

### Sampana FIFOHAZANA

**FILOHA** : RAKOTONIRINA Nathalie
**FILOHA MPANAMPY** : RANDRIANASOLO Hanitra
**MPITANTSORATRA** : RAVOLOLONA Jeannine Monique, RAMPANJATO Jeanne
**MPITAHIRY VOLA** : RAOELISON Vololona
**MPITANTSORATRY NY VOLA** : RAKOTONOELY Mboahangy
**MPANOLOTSAINA** : ANDRIANARIJAONA Rambinintsoa, RAKOTOMANGA Nivo

### Sampana Lehilahy Kristiana

**FILOHA** : RANDRIANOELINA Solohery
**FILOHA MPANAMPY** : RAMBELOSON Christian
**MPITANTSORATRA** : ANDRIANADY Hasina
**MPITAHIRY VOLA** : ANDRIANARIVONY Tobijaona
**MPITANTSORATRY NY VOLA** : RAONIVELO Tolotra
**MPANOLOTSAINA** : ANDRIAMANJATOSOA Rasamimanana, RANDRIAMASY Alain

### Sampana TEHINA MANGA

**FILOHA** : RAVELOSON Andriamirado Tolotra
**FILOHA MPANAMPY** : RAMASINDRAIBE Hanitra, ANDRIAMAZAORO Ny Aina
**MPITANTSORATRA** : RAKOTONOELY Miangaly
**MPITAHIRY VOLA** : RAJAONARY Ando
**MPITANTSORATRY NY VOLA :**
**MPANOLOTSAINA** : RASAHENOLAHY Gaël

### Sampana SEKOLY ALAHADY

**FILOHA** : RANDRIANOELINA Nivo Hanitra
**FILOHA MPANAMPY** : ROBSON Liva
**MPITANTSORATRA** : ANDRIAMAZAORO Raoelimihamina, RAVELOSON Ihantavololona
**MPITAHIRY VOLA** : ANDRIAMANANTENA Voahangy
**MPITANTSORATRY NY VOLA** : RAFANOHARANA Bakoly
**MPANOLOTSAINA** : ANDRIAMANJATO Faramalala, RAJONSON Tovo

### Sampana CHORALE AMBOHITANTELY

**FILOHA** : RATSIAMBAKAINA Tahina
**FILOHA MPANAMPY** : RAKOTOARISOA Rija sy RAKOTONAIVO Andry
**MPITANTSORATRA** : RAZAKARIVONY Oméga sy ANDRIAMBOLOLONA Viviane
**MPITAHIRY VOLA** : Raminomalalanirina Lalao
**MPITANTSORATRY NY VOLA** : RANDRIAMASY Mirana Daniela
**MPANOLOTSAINA** : RAKOTOARISOA Andririvo, RAHARIJAONA Mbolatahina

### Sampana Tokantrano Tanora Kristiana

**FILOHA** : RAKOTONIRINA Andrianina Arnaud
**FILOHA MPANAMPY** : LALAINA HAJAINA Raoelinjato Ranotrona
**MPITANTSORATRA** : RANDRIANAVALONA Domohina
**MPITAHIRY VOLA** : RAMANANTSIRESY Dahlia
**MPITANTSORATRY NY VOLA** : RAZAFINDRAZAKA Michelle
**MPANOLOTSAINA** : RAKOTONIRINA Solofo, RAKOTONIRINA José



Iza moa ***Ramatoa Charlotte Ramanana Rahary,*** Loholona?

Toy izao maraka izao ary ny resaka nifanaovana tamin'i Eva Ramanana Rahary, iray amin ireo zanany 6 mianadahy , ny momba azy sy ny manodidina ny fitaizana ny ankizy.

Nandranto fianarana tao amin'ny sekoly Protestanta Paul Minault izy, ary tao no nifankahitany tamin' i Raphael Ramanana Rahary izay lasa vadiny taty aoriana. Niteraka 6 mianadahy izy ireo 2 no lahy ary 4 no vavy, ary 17 kosa no zafikely. Ambohitantely no fiangonana nalehan'ny Kilasimandry avy ao amin'io sekoly io ka na efa teo aza ny ankohonana dia mbola nijanona tao foana izy mivady.

Sehatra maro no nisy azy teto anivon'ny Fiangonana Ambohitantely: Diakona teo aloha, ary Loholona kosa izy Ankehitriny. Mpikambana ao amin ny Sampana Dorkasy ( efa filoha teo aloha), Tokantrano Tanora Kristianina (TTK), Vehivavy sakaiza Kristianina (VSK). Tsy teto anatiny ihany anefa fa nisy andraikitra hafa nosahaniny ihany koa tany ivelany toy ny Association Accueil Madagasikara AAM, Mpanazava tranainy, ary Maintimolaly ny Lisea Faravohitra (Lycée Jules Ferry), Nampianatra tao amin'ny sekolim-panjakana (LMA ) sy Sekolim-pinoana Paul Minault moa no asa nataony ary ny taranja Frantsay sy Anglisy no nosahaniny.

Mifanakaiky ary tia mifanerasera kokoa, hoy izy, ny ankizy nianatra tamin'ny sekolim-pinoana, ary mifandray toy ny mpiray tampo mihitsy aza. Nahatsapa izy anefa fa niova ny toe-tsain'ny ankizy taorian'ny taona 1972. Nanaraka ny fitsipi-pifehezana kokoa ny ankizy taloha ary indrindra fatra mpanaja ny mpampianatra sy ny mpanabe. Asa noho ilay sahy nanao fitakiana ve? Fa dia tsy hita taratra intsony ilay soatoavina sy ilay fifanajana taty aoriana. Na izany aza anefa tsy ny ankizy rehetra no toy izany. Nahasarotiny azy koa ny lafiny fahadiovana, indrindra teo amin'ny fitaovam-pianarana, toy ny Kahier , penina sns…, ary izany hono no anisan'ny namparani-tsaina ny ankizy taloha.

Nitovy fomba fijery izy mivady teo amin'ny lafiny fitaizana, ary tsy nitaky zavatra betsaka taminay izy ireo, fa ireto 3 ireto ihany:

1) Ny fatahoranana an Andriamanitra,
2) Mianatra tsara,
3) Tia fianarana.

Tsy tia omena fanomezana izy mivady fa rehefa ireo zavatra 3 ireo no tanteraka dia izay no fanomezana sarobidy ho azy ireo.

Tanaty fahavononana sy fanetren-tena hatrany no nanaovan'izy mivady ny asa fanompoana, ka na teo aza ny zava-manahirana sy ny sedra maro isankarazany, dia nahatsiaro ho nandray fitahiana hatrany izy ireo, ka natao ampifaliana foana ny iraka nampanaovin'ny Tompo .

Isaorana ny Tompo fa tafita aty aminay zanaka ny ankamaroan'ny zavatra nampitaina, na sarotra aza ny fitaizana akehitriny. Adidinay no tsy mandrarak'ilo mby an-doha, ary mampita izay soa azonay tamin'izy mivady ho an'ny zanakay.

***Nangonin'i RAJOHARISON Aina***

## ALAHADIN'NY MPITANDRINA 2019

Toy ny fanao isan-taona dia notontosaina tamin'ny Alahady faha 17 martsa 2019 ny Alahady fitondrana am-bavaka ny ***Mpitandrina RAKOTONAVALONA Maholy*** sy ny ankohonany.
Nitarika ny fotoana tamin'izany moa ny tao amin'ny Fiandraiketana ny Fiainana Ara-Panahy na ny FAP tamin'ny alalan-dRtoa Haingo RAELI-JOHN. ny nitory ny Teny kosa dia ny Père Recteur RAVELONANTOANDRO Marc. Fotoana manokana nanaovana rojom-bavaka ho an'ny Mpitandrina sy ny fanompony, ny ankohonany, ny andraikitra maro izay sahaniny ivelan'ny Fitandremana ary ny Fitandremana Ambohitantely.
nofaranana tamin'ny fandraisana ny Fanasan'ny Tompo moa ny fotoana io Alahady io.



*« …
Matokia ry mpanota;
An'i Jesoa avotrao;
Fa ny ota nahadiso;
Afaka tokoa izao
Velona ny Tomponao,
Afany ny helokao
…»*

***Sombiny amin'ny hira FFPM 128 indray no entinay Gazety Tantely miarahaba anareo mpianakavy ao amin'ny Tompo ho fanomezan-toky antsika Kristiana rehetra noho izao fandalovan'ny Paska eo amin'ny fianantsika izao.***
***Satria moa « … Fa voavono Kristy Paska ho antsika » I Kor 5,7 ; indro indray ary ny tafatafa nifanaovanay tamin'ireo tanora manoloana izany fotoana manan-danja eo amin'ny fiainana maha Kristiana izany.***
***Notazominay araky ny voambolana nilazana azy mba tsy hampiova ny foto-kevitra tiany ambara.***
***1- Inona no ifandraisan'ny fiainanao manokana amin'ny Paska ?***
***2- Inona no tsara hatao rehefa fialan-tsasatry ny Paska araky ny hevitrao ?***



1-Ny paska no ataoko hoe fotoana manan-danja indrindra amin'ny maha kristianina tamin'ny nandresen'i Jesosy Kristy ny fahafatesana ho fanavotana antsika olombelona, izay fototra ijoroan'ny finoantsika. Midika fitiavana lehibe, izay tsy ho voavalin'ny herin'olombelona mihitsy izany fa ny hany anjara-biriky avy amintsika, dia ny mampiseho toetra sy toe-tsaina vonon-kandresy amin'ny alalan'ny fifankatiavana eo anivon'ny samy mpiara-belona, ho voninahitr'Ilay Mesia Mpamonjy. Arak'izany dia lasa nitoetra tato amiko izany toe-tsaina izany, hany ka izay rehetra ataoko dia ataoko am-pitiavana avokoa mba tena ho mendrika ny handresy miaraka amin'i Jesosy.
2-Rehefa fialan-tsasatry ny paska dia tsara raha manadino tanteraka ireo zavatra izay nanorisory sy nahasosotra tany aloha, miala sasatra kely maka rivotra madio any ambanivohitra, famerenana amin'ny laoniny ny saina don-ton'ny rotoroto andavanandro…

***RATIAHOLISON Mendrika Ny Mandresy, 23 taona***



1)Ny andron'ny Paska dia ilay andro fahatsiarovana ny nitsanganan'i Kristy tamin'ny maty.
Andro lehibe tokoa izany ho an'ny Kristiana ka ny amiko manokana dia mampahatsiahy ahy fa Jesoa no Ilay hany fiarovako, Ilay namako, Ilay fanantenako satria Izy Ilay naharesy izao tontolo izao hatramin'ny fahafatesana. Mahay ny zava-drehetra tokoa aho ao Aminy, sady mampahery ahy amin'ny fahalemeko Izy. Tsaroako sady tiako hozaraina ary fa ny famonjena azoko dia toriako isanandro, ary ny famonjeko ny fotoampivavahana ho fiderana ny Tompo no fanambarana ny fandreseNy voalohany.
2) Ny fialan-tsasatry ny Paska amiko dia fotoana fiarahana amin'ny fianakaviana : fakana rivotra ivelan'ny renivohitra na miaraka amin'ny ao an-trano na amin'ny fianakaviam-be. Fotoana fifampizarana sy fiarahana milalao, miresaka, … ho fialana amin'ny fiainan'ny asa sy ny fianarana andavanandro. Fa mialohan'izany rehetra izany dia fifantohana sy fibanjinana an' Andriamanitra izay nanolotra ny famonjentsika tamin'ny alalan'i Jesoa Kristy, amin'ny alalan'ny fiangonana.

***RATIARISON Manohisoa Andrianirina, 17 ans***



1-Vanim-potoana lehibe ho an'ny Kristiana ny Paska satria manambara ny fitsanganan'i Jesoa krity tamin'ny maty ho fanafahana sy famonjena ho antsika . Mitondra fanantenana eo amin'ny fiainako ny Paska satria mampatsiahy ahy isan'andro fa Jesoa dia efa nandresy ny fahafatesana ary tsy misy atahorako intsony, satria tsy hahavita hampangina ahy ny fahavalo , na inona na inona ataony hany ka tonga olona mahatoky aho ary sahy mijoro ho vavolombelon'i Kristy Jesoa .
2-Betsaka ny azo atao rehefa fialan-tsasatry ny Paska, fa aoka tsy hadinoina ny Tenin'ny Soratra Masina milaza hoe : « aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao; fa miovà amin'ny fanavaozana ny saina, hamantaranareo ny sitrapon'Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina. » Romana 12:2.
Tsy izay ataon'ny olona rehetra akory dia tsara avokoa, fa amin'ny maha-Kristiana antsika dia mila manaiky ho tarihin'ny Fanahy Masina isika mba ahafahantsika mamantatra ny tena sitrapon'Andriamanitra . Ny tena tiako izao dia ny miaraka mifaly amin'ny namana sy ny fianakaviana satria fahasoavana iraisana ny Paska ary rariny raha toa ka mifety ny rehetra kanefa kosa aoka ho ao anaty fahendrena sy fahamaotinana izany.

***RANDRIANOELINA Mihasina Tsiorintsoa, 22 ans***



1-Alors, dans ma vie, Pâques symbolise la victoire et réussite lorsqu'on marche avec Dieu. La route est semée d'embûches tout comme la route qu'a fait face le Seigneur pour vaincre la mort. De ce fait, l'impact que porte Pâques dans ma vie quotidienne est que, peu importe les épreuves dont on doit faire face, en faisant les efforts nécessaires et en mettant nos projets dans les mains de Dieu, on y arrivera !
2-L'idéal pour les jours de Pâques pour moi c'est tout simplement passer du temps avec les gens que nous estimons importants ; les personnes nous aident à gravir les épreuves.

***RABEROJO Aro Tsilavo***



1-L'homme dans sa nature mal ordonnée et dépravée a peur de la mort. Pacque pour les croyants c'est l'espoir, l'espoir de savoir que rien est impossible avec Dieu… c'est ce qui nous permet de tenir, de s'accrocher parce que nous ne sommes pas seuls dans les combats que nous menons …
2- Mifaly satria resy le fahavalo izay atahorana tsika fatratra izay mampanahy antsika.

***RAZONARISON Mahefarivo***

***Nangonin'i Malalasoa RAJONSON***

*"Misaora amin'ny zavatra rehetra; fa izany no sitrapon' Andriamanitra ao amin'ny Kristy Jesosy ho anareo." 1 Tes 5:18*. Izany Teny izany no entinay hankaherezana ny Fiangonana, izay namoy mpiara-miasa akaiky taminy. Loholona sy Diakona tokoa mantsy no anisany nandao antsika, ka mamela anay hianareo mba hamintina kely ny momba azy ireo sy ny asa nijoroan'izy ireo vavolombelona nandritry ny naha teto amintsika azy ireo.



Tohina ny fo nandre ny vaovao fahalasanan' ny rahavavy mpiara-manompo ***Eliane Ravonison, Diakona***. Jesoa no isaorana nanome mpanompo mahatoky hatramin'ny fahafatesana, nampianatra ireo ondrikelin'i Jesoa ka namaliany ny antsony hoe "Fahano ary ny ondriko".

Taona 2003 no nanomboka niarahako niasa tamin'i Eliane, raha vao nanolo-tena hampianatra Sekoly Alahady teto Ambohitantely aho. Izy, Maro Ramangason, Miarana, Mme Noeline no anisan'ny nandray ahy tamin'izany. Niavaka t@ hafanam-po sy ny fitiavana an'i Jesoa izy ary nanohina ahy manokana ny fitiavany ny ankizy sy ny tanora nampianariny. Nahafaly ahy ny nananana mpiara-manompo toa an'i Eliane satria olona mora niarahana niasa, nankatoa ny Tompo tamin'ny fandaminana sy ny fikelezana aina natao hampandrosoana ny fanjakan'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny Sampana Sekoly Alahady. Nahatanteraka ny fihazakazahany izy, nitahiry ny finoana... Mampitodika antsika rehetra hanao ho zava-dehibe ny antom-piantsoana antsika izao, fa antomotra ny andro ary tampoka ny fiantsoana. Koa mampahery antsika rehetra, ny herin'ny Fanahy Masina hampionona feno ny fianakaviana, ny fiangonana ary ny sampana Sekoly Alahady eto Ambohitantely izay mahatsiaro fahabangana lehibe tokoa.

***Faramalala Andriamanjato***
***Filohan'ny Sampana Sekoly Alahady***

## IREO NODIMANDRY

01 Janoary 2018: Ny Andriambavy RAVAOMIARA
05 Janoary 2019: RAKOTONDRAZAKA Franck
11 Janoary 2019: RALAIARISOA Herinirina Ramaroson
13 Janoary 2019: ANDRIAMASINORO Herinavalona
18 Febroary 2019: Norbert Celestin RAKOTOMALALA
24 Febroary 2019: RAKOTOARIVONY Jules Smith
27 Febroary 2019: HARVEL Virginie Rojo teraka RABARIJAONA
08 Martsa 2019: Adjudant-Chef RABE ANDRIANTSIRESENA Solo
09 Martsa 2019: RAHARINIRINA Bako Aimée
15 Martsa 2019: RASATA Voahangy Ravelohariniriina
18 Martsa 2019: RAVONISON Eliane Lalao ( Diakona)
05 Aprily 2019: Ny Andriambavy RASOAZANAMALALA ANDRIANJAFINTRIMO Jeanine (Loholona)

## MARIAZY

16 Febroary 2019: RAKOTOARISOA Thomas Henintsoa — RAMANANTSOA Miora Nomenjanahary
11 Aprily 2019: RANARIVELO Antenaina Malala — RAKOTOZAFY Fanomezana Santatra
13 Aprily 2019: RANAIVOARISON Hasina — RAJERIARISON Domoina Hanitriniala



***Bebe Jeannine RASOAZANAMALALA ANDRIANJAFINTRIMO***, ***Loholona,*** fantatry ny maro ihany koa hoe Mama Bodo dia teraka tamin'ny 29 oktobra 1945 teto Antananarivo. Raha ny fahazazany sy ny fahatanorany dia nobeazina tao anatin'ny tokantrano kristianina teto Ambohitantely izy. Reny masika be ronono raha i Bebe Jeannine ary nobeaziny mba hanao sekoly alahady sy skoty avokoa ireo zanaka am-jafiny. Olona tia fihavanana ihany koa izy ary voavanginy avokoa ny fianakaviany rehetra na ny akaiky na ny alavitra eny fa ireo any ambanivohitra alavitra be aza.

Raha ny fiainam-pinoany no asiana teny dia toa nisy fifohazam-panahy lehibe tao amin'i Mama Bodo tamin'ny taona 1991 tao aoriana nahafatesan'ny rainy. Io taona io tokoa mantsy no nisafidianany hiditra ho mpianatra katekomena niaraka tamin'ny zanany faravavy ary ny volana janoary 1992 no notokanana sy nandraisana azy ho mpandray ny fanasan'ny Tompo teto Ambohitantely. Ny taona 1993 izy no voafidy ho Diakona ary efa Loholona . Nanomboka teo dia nizara roa ny andavan'androm-piainanany ka rehefa tsy hitanao ao amin'ny fianakaviana izy dia any amin'ny asam-panompoana. Tsy mba nataony ambanin-javatra izany asa fanompoana izany fa raha antsoina andro dia tonga izy, raha antsoina alina dia tonga hatrany izy. Ny ankamaroan'ireo tafika masina nataon'ny fiangonana sy ireo sampana dia nahitana azy avokoa. Tao anatin'ny roampolo taona farany niainany tokoa mantsy dia saika nolaniany tamin'izany asa fanompoana izany avokoa. Tsy vitan'ny Loholona izy, fa dia niditra Dorkasy, Vehivavy Sakaiza Kristianina, F.A.S ary AFF. Efa birao tamin'ireo sampana ireo avokoa izy. Ary ny sampana hafa teto anivon'ny fiangonana dia notohanany sy nanolorany fanampiana araka izay fahafahany avokoa. Raha fintinina fohy mantsy ny herinandrony dia toy izao: alahady natokany hivavahana ao am-piangonana rehefa tsy anjarany ny manao "service". Talata: fivorian'ny dorkasy sy ny VSK, alarobia: fitsidihana pastoraly sy fampandraisana an'ireo marary, alakamisy: mizara sakafon'ny mpianatra ao amin'ny kantina ary fivorian'ny VSK, sabotsy: fivorian'ny loholona. Azo lazaina fa mpanetam-paritra tena nafana fo tokoa izy.

Mpanompon'Andriamanitra anankiray afaka alain-tahaka amin'ny asam-panompoana raha i Bebe Jeannine. Hainy ny nampita izany tamin'ny taranany fa saika nisy azy sy ireo taranany avokoa ny sampana velona eto Ambohitantely. Ny teny farany naloaka ny vavany tamin'ny andro nahafatesany dia "Amena" raha nitangorina nanao rojo-bavaka teo aminy ireo havany.

***"... Izaho anie tsy lasa alavitra e! Eto ihany fa aty ambadika e!***
***.... Efa an'ny Tompo aho, Moa ve tsy efa fantatrao?...."***


## BATISA

17 February 2019
RAMINOSOA Mendrika Ny Amboara Irintsoa
17 February 2019
VONONKANDRESY John Fahasoavan'ny Avo M.F.T
24 Febroary 2019
D' AVOÎNE Christopher Aiko Tsilavina
24 Martsa 2019
RATEFINIERIVO Mahalala Ellah Océane
24 Martsa 2019
RASOLOFOSON Iloaina Camilla-Rose
14 Aprily 2019
RANDRIANATOANDRO Irielatia Valintsoa

# HERINANDRO MASINA



*Feo Tantely*



*Toriteny Alakamisy Masina*





*Alim-bavaka*






*Fifanankalozana Pilopitra*

# Fanokanana biraon-tsampana



*Sampana ZFRK*



*Sampana DORKASY*